LALANA LAHARANA FAHA-96-019

mameno ny fepetra voalazan' ny hitsivolana laharana faha-92-047 mikasika ny fandaminana ny asa aman-draharahan' ny manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola mbamin' ny mpitan-kaonty notoavina ary ny fanavaozan-drafitry ny Holafitra ivondronan' ireo mpikambana misahana izany asa aman-draharaha izany.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Holafitry ny manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola mbamin' ny mpitan-kaonty notoavina no ampiandraiketina ny raharahan' ny asam-panjakana, dia izay hiaro ny tombontsoa ara-drariny co amin' ny asa aman-draharaha.

Ny mpikambana dia manao fianianana manoloana ny Fitsarana ambony, eo anatrehan' ny Filankevitry ny Holafitra :

– fa hanao ny asany amim-pahamalinana sy fifehezan-tena;

– fa hampanaja ny lalàna amin' ireo lahasa rehetra tontosainy.

Ny Holafitra dia manana, amin' ny alàlan' ny fahefambahoaka, fahefana hanara-maso ny fahaizana sy ny fahamendrehantoetran' ireo teratany miaraka aminy mba hiantohana ny vahoaka, amin' ny fanantenana fa azo itokiana ny fampahalalana ny vaovao momba ny toe-karena sy fitantanam-bola.

Ilaina ny fanampiana ara-teknika mba hanamafisana ny fahaizana sy ny fahefam-pirenena ary mba ahafahan' ny asa aman-draharaha miatrika ny fandrosoana ara-teknolojia.

Io fanamafisana ny fahaizana io dia manome lalàna ny fanekena co amin' ny sehatra iraisam-pirenena ny asa aman-draharaha malagasy. Io fanekena io dia tokony hifamaly, ary amin' izany dia mitarika ny fisokafan' ny Holafitra Malagasy amin' ny asa aman-draharaha misy any ivelany. Amin' izay mikasika ny vahiny, ankoatra ny fepetra ankapobe ilaina amin' ny fanatontosana asa aman-draharaha eto Madagasikara, dia tokony ho afaka amin' ny fitsapana fahaizana, manao asa aman-draharaha, hanamarinana ny fahalalàna mikasika ny tontolo iainana, indrindra ny fitsarana sy ny hetra co amin' ny firenena, ary araka ny fepetra izay nanomezan' ny Fanjakana niaviany alàlana hanatontosa ny asa aman-draharahan' ny manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola malagasy.

Ny fanovàna hafa dia mikasika ny fitsipika momba ny fitandroana ny hasin' ny fanatontosana ny asa aman-draharaha.

Izany no anton' izao lalàna izao.

LALANA LAHARANA FAHA-96-019

mameno ny fepetra voalazan' ny hitsivolana laharana faha-92-047 mikasika ny fandaminana ny asa aman-draharahan' ny manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola mbamin' ny mpitan-kaonty notoavina ary ny fanavaozan-drafitry ny Holafitra ivondronan' ireo mpikambana misahana izany asa aman-draharaha izany.

Ny Antenimieram-pirenena no nandany tamin' ny fivoriana nataony ny 22 aogositra 1996,

Ny Filohan' ny Repoblika,

Araka ny fanapahana laharana faha-15-HCC/D.3 tamin' ny 4 septambra 1996,

No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :

Andininy voalohany. – Ovàna sy fenoina toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan' ny andininy faha-5, paragrafy faha-2, faha-11, faha-12, faha-25 ary faha-40 amin' ny hitsivolana laharana faha-92-047 tamin' ny 5 novambra 1992.

"And. 5. – Paragrafy faha-2 : Voarara tsy ho azon' ny manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola atao ny misahana mandavanandro asa andraisan-karama na raharaham-barotra. Na izany aza anefa, ny manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola dia afaka manome fampianarana izay mifandray amin' ny fanatontosana ny asa aman-draharahany, na manao asa andraisan-karama any amin' ny manamahay iray momba ny fitanankaonty sy fitantanam-bola na any amin' ny orinasam-pandalinana fitanan-kaonty".

LOI N° 96-019

complétant les dispositions de l'ordonnance n° 92-047 relative à l'organisation des professions d'expert comptable et financier et de comptable agréé et à la restructuration de l'Ordre groupant les membres de ces professions.

EXPOSE DES MOTIFS

L'Ordre des experts comptables et financiers et comptables agréés est chargé d'une mission de service public, celle de défendre les intérêts moraux de la profession.

Les membres prêtent serment devant la Cour d'appel, en présence du Conseil de l'Ordre :

– d'exercer leur profession avec conscience et probité;

– de faire respecter les lois dans tous leurs travaux.

L'Ordre se voit ainsi déléguer par la puissance publique un pouvoir de contrôle de la compétence et de la moralité de ses ressortissants en vue de la garantie du public, dans la perspective de fiabiliser l'information économique et financière.

Dans le but de renforcer les capacités et les compétences nationales et pour que la profession puisse faire face à l'évolution technologique, une assistance technique s'avère nécessaire.

Ce renforcement de la capacité permettra la reconnaissance au plan international de la profession malgache. Cette reconnaissance implique une réciprocité et de ce fait l'ouverture de l'Ordre malgache des professions formés à l'étranger. En ce qui concerne les étrangers, outre les conditions générales requises pour l'exercice d'une profession à Madagascar, ils doivent réussir à un test d'aptitude professionnelle, pour vérifier la connaissance de l'environnement, notamment juridique et fiscal du pays, et à la condition que l'État dont ils ressortent autorise l'exercice de la profession à des Experts comptables et financiers malgaches.

Les autres modifications concernent des règles d'éthique sur l'exercice de la profession.

Tel est l'objet de la présente loi.

LOI N° 96-019

complétant les dispositions de l'ordonnance n° 92-047 relative à l'organisation des professions d'expert comptable et financier et de comptable agréé et à la restructuration de l'Ordre groupant les membres de ces professions.

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du 22 août 1996.

Le Président de la République,

Vu la décision n° 15-HCC/D.3 du 4 septembre 1996,

Promulgue la loi dont la teneur suit :

Article premier. – Les dispositions des articles 5 paragraphe 2, 11, 12, 25 et 40 de l'ordonnance n° 92-047 du 5 novembre 1992 sont modifiées et complétées comme suit :

"Art. 5. – Paragraphe 2 : Il est interdit à l'expert comptable et financier de tenir un emploi salarié et de faire acte de commerce à titre habituel. Toutefois, l'expert comptable et financier peut dispenser un enseignement se rattachant à l'exercice de sa profession, ou occuper un emploi rémunéré chez un expert comptable et financier ou dans une société d'expertise comptable".

"And. 11. – Izay rehetra mizaka ny zom-pirenena Malagasy mivonon-kanokana ny asa aman-draharahany amin' ny fandalinana fitanan-kaonty sy fitantanam-bola eto Madagasikara dia tsy maintsy mangataka ny fisoratany anarana ao amin' ny tabilaon' ny Holafitra, raha voamariny :

1. ny fananany mari-pahaizana ofisialin' ny manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola na mari-pahaizana notoavin' ny Vaomiera misahana ny fampitoviana lanja fa mitovy lenta aminy izay najoron' ny rijan-tenin-dalàna;

5. feno 25 taona katroka izy".

"And. 12. – Izay rehetra mizaka ny zom-pirenena vahiny mivonon-kanohana ny asa aman-draharahany amin' ny fandalinana fitanan-kaonty sy fitantanam-bola dia tsy maintsy mangataka ny fisoratany anarana ao amin' ny tabilaon' ny Holafitra raha voamariny :

– fa mahafeno ny fepetra rehetra voalazan' ny andininy faha-11 izy, afa-tsy ny zom-pirenena;

– ary ankoatr' izany dia afaka am-pahombiazana tamin' ny fanadinana fitsapana izy ahafahana manombatombana ny fahalalàna azony tamin' ny lalàna momba ny fanaovan-draharaha ampiharina eto Madagasikara; ary ho anisan' ny mpiara-mitsara ny fandaharana ary ny fandaminana ny fanadinana fitsapana dia fehezin' ny rijan-tenin-dalàna, na dia eo aza ny fanomezan-dalàna hisahana asa aman-draharaha nomen' ny firenena niavian' ny mpangataka ho an' ireo manamahay momba ny fitanan-kaonty sy fitantanam-bola Malagasy araka ny fifanekem-pifanarahana manokana".

"And. 25. – Paragrafy 2 : Voarara tsy ho azon' ny mpitan-kaonty notoavina atao ny misahan' asa andraisan-karama sy manatontosa asam-barotra mandavanandro. Na izany aza anefa, ny mpitan-kaonty notoavina dia afaka manome fampianarana izay mifandray amin' ny fanatontosana ny asa aman-draharahany, na manao asa andraisan-karama any amin' ny mpitan-kaonty notoavina na any amin' ny orinasa mpandalina ny fitanan-kaonty".

"And. 40. – Ny mpikambana ao amin' ny Holafitra miasa ho an' ny tenany manokana dia tsy maintsy manao izany amin' ny anarany manokana. Na izany aza anefa, dia azony ampiarahina amin' ny anarany ny filazalazana mifanaraka amin' ny fanatontosana ny asa aman-draharaha, tsy mirentirenty ary tsy nanaovana dokam-barotra.

Ny anaram-pikambanan' ny sosaiety amin' ny anarana iombonana dia tsy azo asiana afa-tsy ny anaran' ireo mpikambana".

And. 2. – Havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery ao Antananarivo, ny 4 septambra 1996.

Albert ZAFY.

LALANA LAHARANA FAHA-96-021

anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana faha-144 mikasika ny Fifampidinihan' ny telo tonta momba ny Fanaraham-penitra iraisam-pirenena amin' ny asa : 1976, fotoam-pivoriana faha -61

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Fifanarahan' ny telo tonta tao Androhibe tamin' ny 16 janoary 1996 dia naneho ny fahavononana tanteraka eo amin' ireo solontenan' ny Fikambanana momba ny asa aman-draharahan' ny mpampiasa, ny Vondrona sendikalin' ny mpiasa ary ny ministera miadidy ny Asa, hanatanteraka marina ny fiaraha-miasan' ny telo tonta ka iankinana amin' izany ny teny voalaza ao amin' ny fifanarahana faha-144 momba ny fifampidinihan' ny telo tonta mikasika ny Fanaraham-penitra iraisam-pirenena amin' ny asa.

Io fifanarahana faha-144 io, nolanian' ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny asa tamin' ny 1976, dia mikendry ny hampikambana akaikikaiky kokoa ny mpampiasa, ny mpiasa ary ny Fanjakana amin' ny fombafomba arahina amin' ny fampidinihana ahafahana mampandroso ny fampiharana ny Fanaraham-penitra iraisam-pirenena.

"Art. 11. – Toute personne de nationalité malgache qui entend consacrer son activité à l'expertise comptable et financière à Madagascar doit demander son inscription au tableau de l'Ordre en justifiant :

1. De la possession du diplôme officiel d'expert comptable et financier ou d'un diplôme reconnu équivalent par la Commission d'équivalence qui est instituée par un texte réglementaire;

5. Qu'elle est âgée de 25 ans révolus".

"Art. 12. – Toute personne de nationalité étrangère qui entend consacrer son activité à l'expertise comptable et financière doit demander son inscription au tableau de l'Ordre en justifiant :

– qu'elle répond à toutes les conditions de l'article 11 à l'exception de la nationalité,

– et qu'en outre elle a subi avec succès un examen d'aptitude permettant d'évaluer la connaissance acquise du droit des affaires applicables à Madagascar; la composition du jury, le programme et l'organisation de l'examen d'aptitude sont régis par un texte réglementaire, sous réserve que le pays du postulant autorise l'exercice professionnel à des experts comptables et financiers malgaches en vertu d'un protocole d'accord spécifique".

"Art. 25. – Paragraphe 2 : Il est interdit au comptable agréé de tenir un emploi salarié et de faire acte de commerce à titre habituel. Toutefois, le comptable agréé peut dispenser un enseignement se rattachant à l'exercice de sa profession, ou occuper un emploi rémunéré chez un comptable agréé ou dans une société de comptabilité".

"Art. 40. – Les membres de l'Ordre exerçant à titre personnel doivent le faire sous leur propre nom. Toutefois, ils peuvent adjoindre à leur nom une mention appropriée à l'exercice de la profession, d'aspect sobre et sans portée publicitaire.

La raison sociale des sociétés en nom collectif ne peut comporter que les noms des associés".

Art. 2. – La présente loi sera publiée au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 4 septembre 1996.

Albert ZAFY.

LOI N° 96-021

autorisant la ratification de la Convention n° 144 concernant les Consultations tripartites relatives aux Normes internationales du travail : 1976, 61e session.

EXPOSE DES MOTIFS

La Convention tripartite d'Androhibe du 16 janvier 1996 exprime la ferme détermination des représentants des Organisations professionnelles des employeurs, des Organisations syndicales des travailleurs et du ministère chargé du Travail, de réaliser l'effectivité du tripartisme en s'appuyant sur les termes de la convention n° 144 sur les consultations tripartites relative aux Normes internationales du travail.

Cette convention n° 144, adoptée par l'Organisation internationale du travail en 1976, a pour objet de faire associer étroitement les employeurs, les travailleurs et l'Etat aux procédures consultatives permettant de promouvoir la mise au œuvre des Normes internationales.